# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

**Fampiofanana ireo kilasy famaranana tao amin'ny lycée privé catholique Ambano Antsirabe 2, nataon'ny depiote José avy amin'ny antoko TIM.**










BAOLINA KITRA

## Voaasa handray anjara amin'ny Arabia Cup U20 ny Barea

Voaasa handray anjara amin'ny Arabia Cup U20 na Coupe Arabe U20, ny ekipam-pirenena Malagasy Barea latsaky ny 20 taona. Manoman-tena eny amin'ny Centre technique nationale Carion, nanomboka ny 10 febroary teo ny Barea U20, hiatrika ny « Arabia Cup U20 », hatao any Arabia Saodita ny 17 febroary, ka hatramin'ny 5 martsa 2020 ho avy izao. Firenena miisa 16 no voaasa handray anjara amin' ity fifaninanana ity, hitsinjara anaty vondrona efatra. Vondrona B no hisy an'i Madagasikara miaraka amin'i Maroc, Djibouti ary Bahreïn. 20 ny mpilalao hiazo an'i Arabia Saodita, hotarihin'ny mpanazatra isany : Menakely Ruphin sy Rija Juvance.

*Lita*

## Sakafo Ny Valosoa



**Nofon-kenomby nendasina**, ravahana poivron sy kônkômbra indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana ro matsatso anana sy angivy miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Ny soa azo avy amin'ny voankazo poara



Ny soa azo avy amin'ny voankazo poara indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Ahitana vitamine C, K, E, fer, fibres izy. Mampidina ny tahan'ny "cholesterol". Mampitombo ny hery fiarovana. Misoroka ny fahanteran'ny hoditra aloha loatra. Manadio ny any anaty. Misoroka homamiadana. Misoroka ny mety ho fahatapahan'ny lalan-drà. Mahatsara ny fahasalaman'ny fo. Misoroka ny aretin'ny tsinay. Manamafy ny taolana. Mahatsara ny fahasalaman'ny nify sy ny ati-vava. Manafaingana ny fahasitranan'ny fery.

## NY VALOSOA sy Mahaliana

### Ny tanànan'Antsirabe Avaratra any amin'ny distrikan'i Vohemara, faritra Sava

Ny tanànan'Antsirabe Avaratra na Antsirabe Nord, any amin'ny distrikan'i Vohemara, faritra Sava indray no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Antsirabe Avaratra ity tanàna ity. Lalovan'ny lalampirenena RN5 A, mampitohy an'i Vohemara sy Sambava izy. 68 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Tantsaha mpamboly sy mpiompy ny mponina any ny ankamaroany. Vokatra any an-toerana ny vokatra fanondrana lavanila.

